REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

FILAZANA HO AN'NY BESINIMARO

Mba ho fampiharana ireo fepetra voalazan'ny andininy 01.01.05 V sy, 01.01.14 V ary koa ny andininy 01.01.03 5° andalana faha 2 ny Fepetra Ankapobe mifehy ny hetra, izay mikasika ny fampiharana ny taha 10% amin'ny vola miditra sy ireo fepetra mikasika ny fanesoran-ketra amin'ny vola miditra ho an'ireo mpandraharaha tsy miankina misehatra eo amin'ny lafiny sosialy fanabeazana sy ny fahasalamana.

Ny Foibem-pitantanana Ankapoben'ny Hetra, amin'ny alàlan'ireo rantsa-mangaikany manerana ny Nosy, ny Ivon-ketra izany, dia hanatontosa fanisana sy angom-baovao amin'ireo mpisehatra voalaza ireo.

Noho izany dia iangaviana ireo mpisehatra amin'izany toeram-piasana izany handray sy hanome an'ireo mpiasan'ny hetra mamita iraka ny valim-panotaniana izay hapetrak'izy ireo.

Hitondra ny taratasy famitana iraka voasonian'ireo Lehibeny maniraka azy sy ny kara-panondrony ireo mpiara-miasa eo ampanatanterahana ny asany ka afaka hojeren'ny ireo sampan'asa tsidihina izany.

Ny Foibem-pitantanana Ankapoben'ny Hetra dia manambara etoana fa izao fanisana izao dia tsy fitsirihana ara-ketra ary maneho sahady ny fisaorana ny amin'ny fiaraha-miasa asehon'ireo izay voakasik'ity filazana ity.

Antananarivo,faha 30 AOUT 2021

NY TALE JENERALIN'NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS

GERMAIN

Inspecteur des Impôts